


# **ALAHADY FAHA 23 MANDAVANTAONA - A**



## **NY KRISTIANINA TSY MIFAMPIJERY ARINA AN-TAVA**

Ry Kristianina havana, indro fa tena ao anatin'ny volana septambra isika. Isaorana Andriamanitra fa na dia tsy mbola resintsika tanteraka aza ity KORONTANAVIRUS ity dia azo lazaina fa efa mahita mangirana isika, manomboka mazava ny lalan-kombana. Ady sady dia tokoa ny fiaianana : ady tamin'ity KORONANAVIRY fa dia kosa mankany amin'ny fiainambavoaoa. Aoka anefa tsy hiraviravin-tanana isika ka ho varimbariana. Izao indrindra ny fotoana ilàna ny fitandremantsika IREO MESURES BARRIERE REHETRA. Matoky ny fahendrentsika aho.

Ao anatin'izany koa anefa no handalinantsika ny finoana araka ny voalazantsika tamin'ny alahady

lasa teo. Tsy maintsy miezaka isika mamenno ireo SADJOA SAOTA. Ao anatin'ny fanjavan'ny pretra rahateo isika izao. Aoka hoentintsika am-bavaka izao fihaonana izao mba ho SENAKLA tokoa, izany hoe ho faniraham-baovao taorian'izay ady sy dia mafy izay. Mila DEPART VAOVAO ISIKA MBA HO EOV MISIONERA TOKOA, HO VITA BATEMY IRAHINA MBA HO

TABERNAKLA VELONA. Manantena àry isika Olo Araiky fa hitondra aim-baovao tokoa izao fanjava izao. Maromaro ny lohahevitra ho dinihina hahafahana mametraka pastôraly hoenti-miatrika ireo korontana maro nentin'ity KORONTANAVIRUS ity.

Ny tenin'Andriamanitra rahateo manampy antsika hiroso amin'izany. Tsy mitsahatra isika mamerimberina fa raha tiantsika hiroso ho EOV MISIONERA tokoa dia mampirisika anareo mandrakariva aho hibanjina bebe kokoa hatrany ny toetran'i Kristy mba hiainantsika ka hahatonga

Vakiteny I : Ez. 33, 7 - 9

Tononkira : Salamo 94

Vakiteny II : Rôm. 13, 8-10

Evanjely : Mt. 18, 15-20

antsika ho kristianina mpanaradia an'I Kristy, hahatonga antsika Kristy velona eo anivon'ireo manodidina antsika. Fanahafana an'i Kristy no iezahantsika, haka tahaka an'i Kristy isika amin'ny fainantsika manontolo, amin'ny toetrantsika ka izay no iezahantsika amin'izao famenoana ireo SADJOA SAOTA.

Ny fototry ny maha-anisan'ny Eglisy antsika no foto-mpampianarana amin'izao alahady faha-23. TAKIAN'NY MAHAMPIANATR'I KRISTY NY FAHAIZANA MIFANANATRA ANATIN'NY FAHAMARINANA LAVITRY NY FIHATSARAMBELATSIHY SY NY HENAMASO . Raha tamin'ny Alahady lasa nolazaintsika fa tsy maintsy miala amin'ny henamaso sy ny fitapitaka isika dia aoka hiezaka mba hanambara ny marina sy hananatra ny hafa eo anivon'ny Eglisy izany hoe hanana ny toetran'i Kristy izay mampiombona ka hanana "esprit d'église" isika tsy hanavakavaka na hiefitrefitra fa hitady ny fiombonana ao amin'ny fahamarinana. Ao anatin'ny fanompoana sy fahafoizana no ivelomanana izany rehetra izany.

Amin'izao Alahady faha -23 izao dia momba ny fifamelan-keloka sy ny famindram-po no atolotr'ireo vakiteny 3 aroso amintsika androany. Izany hoe tokony tsy hanana henamaso ~~isika~~, sy tsy hanao fitsarahambelatsihy isika ary aoka tsy hijery arina an-tava. Lazain'i Jesoa amin'ny Evanjely izay renesintsika androany fa raha nanontany i Piera hoe : impiry moa hifamela heloka ny olona ? impiry aho mamela heloka ny rahalahiko raha diso izy, impito satria isa masina io, dia nolazain'i Jesoa fa impitompolo fito satria tsy misy fetra ny famelan-keloka mba hitovizantsika amin'ny Ray izay any andanitra izay mampiposaka ny masoandro amin'ny olona rehetra na marina io na tsy marina. Izany ny fanoharana nataon'i Jesoa izay ahitantsika an'ilay mpampiasa namela ny trosan'ny mpiasany rehefa nifona taminy izy. Indrisy ity mpiasa ity izay manana trova be tamin'ny namany dia tsy namela an'izay trova izay fa nampamono azy hany ka tezitra ilay mpampiasany tamin'ny farany. Sarin'ny fainantsika andavanandro io voalazan'ny vakiteny voalohany io, lolompo lalandava ka tsy mamela heloka fa mifanapotika ka izay no mahatonga antsika amin'izao ezaka ataontsika izao mba ho taranaka manorina fa tsy taranaka mifanapotika ao anatin'ny herisetra. Avy ao amin'ny fontsika ny herisetra izay ny mahatonga ny lolom-po satria efa lo ny fontsika ka mahatonga ny lainga sy fitapitaka manao valifaty, maso efai-maso nify efai-nify ka ny vokany dia mifanapotika sy mifandringana isika na dia eo anivon'ny fianakaviana aza. Firy ny fianakaviana mifanapotika noho ny herisetra, izay no ivavahantsika isaky ny asabotsy andron'ny fianakaviana. Raha manirina dingana vaovao, fainambaovao dia aoka ho famppiarana ho antsika izay voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany sy amin'ny Evanjely indrindra

Raha tiantsika ny hanorina EOV MISIONERA dia tsy maintsy miova isika izany hoe tsy maintsy ataontsika ho lohalaharana eo amin'ny fifandraisantsika andavanandro ny fifamelan-keloka sy fifamindram-po. Izay no mahatonga ny Papa François mamerimberina raha te hamboly fiadanana sy fandriam-pahalemena isika dia tsy maintsy mamboly fifamelan-keloka sy fifamindram-po. Araka izay voalaza izay dia tsy mandeha ho azy fa tsy maintsy volena fa indrindra efa maro ny zavatra potika na eo amin'ny fifandraisana amin'ny zavaboary na eo amin'ny fifandraisana ara-piaraha-monina. Mila miova ny fontsika ka mamboly io fifamelan-keloka sy fifamindram-po .

Hoy i Md Paoly mananatra antsika : raha velona isika dia aoka ho velona ho an'i Kristy ary maty ao amin'i Kristy. Mldika izany fa miala amin'ny valifaty sy lolom-po isika fa miaina kosa ny toetran'i Kristy, Izy izay namela ireo namono azy teo amin'ny hazo fijaliana.

Tsy iza anefa no namono azy fa isika tamin'ny alalan'ny fahotana. Izao àry ny fotoana tsara hanaovana DEPART VAOVAO izany hoe enga anie HO PANTEKOTY VAOVAO IZAO AINGA VAOVAO ATAONTSIKA. Aoka hitondra aim-baovao izao ady amin'ny valan'aretina izao. Manantena àry isika fa tsy fihavaozana fotsiny fa tena ainga vaovao mihitsy PANTEKOTY VAOVAO MIHTISY ka hiroso lalindalina kokoa fa indrindra amin'ny alalan'ny famenoana ireo SADJOA SAOTA ka hitondra antsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA.

Ry Jesoa Kristy ô, ianao tokoa tsy manao kobaka am-bava ary izay ampianarinao dia iainanao, ampianarinao izahay araky ny hafatrao tamin'i Piera io izay nanontany ny momba ny famelan-keloka sy ny fifamindrampo. Ambaranao mazava fa tsy misy fetra ny famelan-keloka sy fifamindram-po ary amin'ny alalan'izany no hahafahana manorina fiaraha-monina vaovao anjakan'ny rariny sy ny fifankatiavana ao anatin'ny fihavanana marina mitondra amin'ny fandriam-pahalemana sy fiadanana. Mangetaheta izany izao tontolo izao ka ampio izahay hivelona ny hafatrao. Enga anie ho tanteraka aminay tokoa izany. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson